TORITENY - ALAHADY faha-31 TSOTRA - TAONA D



“Tonga amin’ity trano ity androany ny famonjena, satria zanak’i Abrahama koa ity lehilahy ity, fa ny hitady sy hamonjy ny very no nahatongavan’ny Zanak’olona”.

Ry Kristianina havana, izao alahady faha-31 mandavan-taona izao no andro mialoha ny famaranana ny volan'ny raozery, rahampitso ny 31 oktobra. Hiditra amin’ny volana Novambra isika izany, andro vitsy sisa dia hanatanteraka ny tapany voalohany amin’ny FIARAHAN-DIA AMIN’IZAO SINAODY FAHA-7 IZAO. Volana Novambra mampiditra antsika ihany koa amin’ny TAOM- PIKATROHANA PASTORALY. Tena anatin’nykihon-dalana tokoa isika. Tandremo àry sao ho diso lalina isika ary tandremo koa sao ho diso ady hatrehina fa “ady sady dia” ny fiainana hoy isika.

Vakiteny I : *Fah. 11, 23 — 12, 2*
Salamo : *Sal. 144*
Vakiteny II : *2 Tes. 1, 11 - 2, 2*
Evanjely : *Lk. 19, 1-10*

Tamin'ny Alahady lasa teo isika nandinika ny toe-panahy lehibe amin'ny maha mpivavaka, Kristianina mpanara-dia an'i Kristy antsika, tsy inona izany toe-panahy izany fa misongadina be dia be ao amin'i Masina Maria dia ny fanetren-tena. Io no hanampy antsika hiaina ny toe-panahy tena Kristianina fa tsy ho tahaka an'ilay Farisianina izay nirehareha nipoerapoera satria nihevitra ny tenany ho nahavita zavatra. Fakam-panahy manjo antsika izany indrisy matetika ary fantantsika loatra ny vokany. Milaza miara-mahita isika fa izany no miseho ankehetriny. Te-handresy ny rafi-pahotana mangeja antsika isika ka miroso mikatroka amin’izao Sinaody izao.

Tsy ny fahavitana no zava-dehibe ary tsy ho mendrika na oviana na oviana amin'izay zavatra vita isika fa ny finoana ny fahasoavan'Andriamanitra no hahafahantsika mihavao sy mihatsara ka manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra tahaka an'i Masina Maria.
Izany indrindra amin'izao Alahady izao no tian'ny Eglizy ho fantantsika satria manomana ny volana novambra isika izay handinihina bebe kokoa ny fiainan-ko avy izay mitondra antsika amin'ny fankalazana an'i Kristy mpanjaka. Ny hoe ho avy dia tsy ny fiafaran'izao rehetra izao, marina tsy maintsy misy ny fiafarana, fa ny ao amin'i Kristy dia izy no manjaka amin'izao rehetra izao. Tsy tokony hatahotra isika fa mitondra fanantenana ho antsika izany. Izay no mahatonga an'i Md Paoly norenesintsika tamin'ny Alahady farany teo nilaza : "Mihazakazaka amin'ny ady farany aho", io no ampatsiahivin'ny Eglizy amintsika raha mibanjina ny fiainan-koavy isika, raha mankalaza an'i Kristy Mpanjaka ary dia anatin'izany rahateo no amaranantsika sy anentanana antsika matetika amin'izao f fiatrehana ny Sinaody izao. Ny tapany voalohany no tiantsika hofaranana fa ny fiainana ny Sinaody, isika miara-dia, miara-dalana mitohy. Ka ny fankalazana ataontsika any Vohémar dia tsy tanjona fa ny tadiavina amintsika aza hametraka TOROLALANA PASTORALY hanampy antsika hiroso lalindalina kokoa mba ho EGLIZY OLO VELO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA mpamafy ny fanantenana, fiadanana, mampanjaka ny rariny sy hitsiny, mampanjaka ny fihavanana sady kristianina no malagasy mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka mifanasoa sy mifampitsimbina. Raha atao amin'ny teny hafa dia mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavandro. Izany no nahatonga antsika teto amin'ny diosezy niaraka tamin'ireo tsaiky madiniky jiaby satria izy ireo no fanentanantsika shoavintsika mba ho tabernakla velona mpamafy ny famindram-po manomboka dieny izao. Tsy tanjona àry ny fankalazana ny sinaody fa anaovana "départ vavao" tokoa.
Izay indrindra no tian'ireo vakiteny aroso amintsika amin'izao Alahady faha-31 mandavantaona izao no sady amaranantsika ny volan'ny raozery izay niarahantsika nivavaka niaraka tamin'i Masina Maria fa indrindra ny Evanjely mitantara an'i Zake. Tahaka an'i Zake io isika tsirairay avy, maro ny zavatra tsy mety eo amin'ny fiainantsika, mifanenjika isika, fantantsika fa i Zake dia voan'ny tondro molotra avy amin'ireo manodidina azy; poblikana izy ary mpamory hetra izany hoe manangona ny harenan'ny olona. Tsy ny hoe mpamory hetra no ratsy fa ilay fanangonana harena, tsy nanao ny rariny izy ary fantany izany, tsapan'i Zake tokoa fa tena kely izy, kely rahateo ny vatany dia nieritreritra izy fa hisondrotra bebe kokoa hahita an'i Jesoa.
Ampianaran'i Jesoa isika androany fa tsy ny fisondrotantsika hihazakazaka hitady an'izao rehetra izao na hiakatra any ambony no tadiaviny fa isika hidina sy hiditra bebe kokoa amin'ny fiainantsika izay midika hoe fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro, hiantrano amintsika i Jesoa. Tsy isika no hampisondrotra ny eritrerintsika handeha any amin'ny volana na amin'ny habakabaka fa i Jesoa no nidina tety amintsika tamin'ny fahatongavany ho nofo ka isika koa tsy maintsy manetry tena, miaiky ny heloka vitantsika, manaiky fa mpanota isika, izay no nataon'i Zake izay milaza amintsika tsirairay avy ary amin'izao famaranana ny volana oktobra izao tahaka nataon'i Masina Maria namangy an'i Elizabeta, mamangy antsika tokoa i Jesoa.
Niara-nientana izy mirahavavy, niara-nientana i Joany sy Jesoa mbola samy tao am-bohoka. Aoka hiaraka hientana isika ry Kristianina havana fa miteny aminao androany i Jesoa hiantrano ao aminao. Dia anjarantsika tahaka an'i Zake ny handray azy fa hitondra fahasoavana amintsika i Jesoa raha mampiditra azy isika. Mitovy amin'ny fandraisantsika ny kominio izany, asa raha tsapantsika fa isaky ny mandray ny kominio isika dia mandray an'i Jesoa, miantrano amintsika i Jesoa. Ary ny tena mampieritreritra lalina dia i Jesoa no manetry tena, dia izy no milaza amintsika fa hiantrano ao aminao ao : fanetren-tena lehibe ataon'Andriamanitra izay ry Kristianina havana.

Milaza aminao izay mihaino izao fampianarana izao, milaza aminao izay mamaky an'izao toriteny izao izy, milaza aminao "hiantrano aminao aho". Anjarantsika àry tahaka nataon'i Zake no mampiantrano azy dia hiova ny fiainantsika.
Ny miantrano dia midika fa ao anatintsika ao izy sady feno fanetren-tena. Niova ny fon'i Zake ka tamim-panetren-tena tokoa no nanolorany ny fananany ka nilazany tamin'i Jesoa hoe : indro ny antsasaky ny fananako. Fahafoizana no vokatry ny fandraisana an'i Jesoa.
Betsaka ny manontany amiko hoe : ahoana no hahafantarana fa efa ato amiko ny finoana izany hoe i Jesoa efa niantrano ao amiko ?
Isika mahafoy no fahafantarana fa miantrano amintsika i Jesoa : manana "disponibilité". Rehefa mahafoy isika dia betsaka ny milaza fa adala isika, i Jesoa mananatra antsika milaza hoe "Efa tonga amin'ity trano ity androany ny famonjena satria zanak'i Abrahama izy, mitady sy hamonjy ny very ny hahatongavan'ny zanak'olona" .
Izany tokoa ry Kristianina havana ary izay ny Vaovao mahafaly sy ny fanantenantsika, izay no torintsika amin'ny fiainantsika vokatry ny fahafoizana tahaka ny nataon'i Zake, tahaka nataon'i Jesoa nahafoy ny maha-Andriamanitra azy mba hamonjy antsika. Tsy maintsy mifamonjy àry isika, tsy maintsy mifanasoa isika izay ny vokatry ny finoana iainantsika, izay no mahatonga an'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny Tesalonisiana midera sy manome voninahitra an'Andriamanitra satria ny Tesalonisiana dia nandray an'i Jesoa ary nahafoy.
Izany koa no isaorako antsika mianakavy, fantako fa mandray an'i Jesoa isika ka aoka hanana an'izay fahafoizana izay, hanana faharetana, hanana ny fanetren-tena, ny fitiavam-bavaka araka ny fandalinana nataontsika nandritra izay fanatanterahantsika ny Sinaody izay. Izay lazaintsika fa tsy tanjona. Mibaribary izany ankehitriny. Tohizantsika ny dingana efa nataontsika ary hatsaraintsika. Hiezaka hametraka Torolalana pastôraly hanampy antsika hifampitsimbina, hifampitantana isika. Io ny hahafantarana fa mandray an'i Jesoa isika ka hampirisihina antsika hiroso amin'ny lalindalina kokoa fa raha mampiantrano an'Andriamanitra isika dia avelan'Andriamanitra izay tsy mety eo amintsika ary dia havaoziny ho olom-baovao tokoa isika araky ny hitantsika ambaran'ny bokin'ny fahendrena ao amin'ny vakiteny voalohany ka hahasoa, hahatsara antsika ary amin'izay mitoetra eo anivontsika tokoa ny fanahin'Andriamanitra. Tsy hoe famaizana ny ataon'Andriamanitra amintsika fa fahasoavana ary dia maniraka antsika hifanasoa eo anivon'ny mpiara-belona amintsika.

Ry Jesoa Tompo ô, miantrano aminay tokoa ianao tahaka ny niantranoanao tao amin'i Zake, ka nahatonga azy nihavao tanteraka ary nànana ny fahafoizana, faharetana, fanetren-tena ary fahasahiana hiroso amin'ny lalindalina kokoa ary nanana ny fitiavam-bavaka. Jesoa ô, miantranoa aminay koa amin'izao fanatanterahanay ny Sinaody izao ka hiova tahaka an'I Zake izahay ka hanao fiaingana vaovao, "départ vaovao". Enga anie izahay ry Jesoa Tompo hahafoy, hanana fanetren-tena, hanana faharetana sy fitiavam-bavaka eo amin'ny fanompoana anao sy ny fanompoana ny namana amin'ny alalan'ny asa fanasoavana isan-karazany ka haka tahaka an'i Masina Maria reninay izay niara-dàlana taminay tokoa nandritra an'izao volan'ny Raozery izao ary izy anie hiaraka aminay mandrakariva amin'ny fanatanterahana ny sitraponao ary raha manatanteraka an'izany izahay dia miombona amin'ny olomasina rehetra izay ankalazainay amin'ny voalohany volana novambra sy hivavahanay ihany koa an'ireo havanay nialoha làlana anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson